

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ao An-tsandry ny Ray

Zanak'Andriamanitra aho



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Alaivo sary an–tsaina anie ny ankizy kely izay voahazona tsara amin'ny sandrin'ny rainy, ary ny tarehiny dia nifandona tamin'ny soroky ny rainy. Mety hoe misavoritaka sy misy fahasahiranana lehibe ny manodidina. Mety hoe horavana izao tontolo izao. Nefa miadana tanteraka ilay ankizy kely, ka tsy miraharaha ny zava-mitranga manodidina azy. Voaaro izy eo an-tsandrin-drainy.

Isika,ihany koa, dia tazomin'ny Raintsika amin-toky. Nomeny Jesosy toky isika fa lehibe noho izay rehetra manodidina antsika ny Raintsika ary tsy misy maharombaka antsika eo an-Tanany.

Nanome izao toky izao ho an'ny Mpianany koa i Jesosy:

> "Aza matahotra, ry ondry vitsy, fa efa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny fanjakana" (Lioka 12:32)

Mety ho andian'ondry kely fotsiny isika, voahodidin'ny bibi-dia isan-karazany. Fa raha nanolo-tena hanome antsika ny fanjakana ny Raintsika, dia tsy misy fahefana ny eto amin'izao tontolo izao ny hanakana izany amintsika.

Misaotra Anao, Jesosy ô, fa nanavotra ahy Ianao. Manambara aho fa voaro amin'ny sandrin'ny Ray aho. Zanak'Andriamanitra aho, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-166-MLG

Nohavaozina farany: 13 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis